


# HO AN'NY ANKIZY

# MIAINA
# NY VOKATRY NY FANAHY

Ry rahalahy sy ranabavy malala,

Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavan'i Jesôsy Kristy Tompo!

Ho amin'ny fikatsahana fiainana ara-panahy lalindalina kokoa hatrany, mavitrika sy matotra kokoa, ny Fiangonana Advantista maneran-tany dia manao ho andraikitra ny manasa ny advantista tsirairay mba handalo 10 andro ao anatin'ny vavaka sy ny fiombonan'ny mpirahalahy, toy ny tamin'ny Fiangonana voalohany. Izany fanapahan-kevitra izany dia tena zava-dehibe tokoa satria miaina amin'ny tontolo tandindomin-doza isika izay mampilofo mafy tsy misy ohatra izany an'i Satana hanoitra ny zanak'Andriamanitra. Tandindomin-doza ny fiainam-panahintsika, misetra loza ny fahasalaman'ny vatantsika, misy manafika isan'andro ny fianakaviantsika, marary ny fiangonantsika, mihamihen-danja eo ambany masontsika ny fiarahamonintsika. Eo anoloan'izany toe-javatra rehetra izany, dia tsy afaka manao na inona na inona isika!

Ny hany sisa azontsika hialofana dia ao amin'ny fifandraisantsika lalina sy marina amin'ilay Tompontsika. Noho izany, afaka miangavy ny mpino tsirairay ao anatin'ny faritry ny Fivondronamben'ny Ranomasimbe Indianina ve aho, mba hitady ny tavan'Andriamanitra amim-panetren-tena sy amin'ny fo torotoro mba handraisana ny famelan-keloka sy ny fanovana tanteraka ny toetrantsika ary ny ranonorana farany izay nampanantenainy antsika mba hamitana ny asa izay nankininy tamintsika.

Ry rahalahy sy anabavy malala, andao isika handa tena. Aoka tsy hisy hampisaraka antsika tsy ho amin'ny toerana iray ary handany fotoana ho amin'ny vavaka, sy fitalahoana ary fiderana.

Aoka koa ny fiangonana tsirairay mba ho afaka hanangana kômisiona mba handrindra sy hanomana ary hivavaka ho amin'ny fahombiazan'io prôgrama io ka amin'izany izay fanahy rehetra tonga manatrika eo, ankizy, tanora, lehibe ary antitra dia afaka hivoaka ho mpandresy amin'ny faran'ireo 10 andro ireo.

Maranata!

Ny mpanomponareo,
*Pasitora Jasmin Herinirina,*
*Filohan'ny Fivondronamben'ny Federasionan'ny Fiangonana Advantista ato amin'ny Ranomasimbe Indianina*

**Tolo-kevitra** :

- Mangataka koa aho mba hanomana tsara ity prôgrama ity ny fiangonana tsirairay. Matetika isika dia manao ny prôgrama toy itony ho toy ny tsy misy lanjany loatra. Tsy misy fanomanana tena matipaika sy manokana.
- Roa herinandro alohan'ny 10 andro no tokony hivavahan'ny fiangonana ho an'ny 10 andro.
- 80% -n'ny mambra no tokony ho tonga hanatrika
- Aoka hofaranana amin'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo sy ny fifanasan-tongotra miaraka amin'ny fanaovana voady hitondra fanahy iray mandritra ny taona.




Manao ahoana Rankizy!

Faly izahay miarahaba anareo tonga soa eto amin'ity 10 andro fiaraha-mivavaka ity. Mino izahay fa hanao fanandramana mahafinaritra miaraka amin'Andriamanitra ianareo ao anatin'ny vavaka ary handalo herinandro miavaka miaraka amin'ireo namanareo mandritra ny fotoana fiaraha-mivavaka sy fiaraha-mianatra ny Baiboly. Mandritra izao 10 andro izao, dia hifankazatra amin'ny vokatry ny Fanahy isika. Miresaka amintsika mahakasika vokatra maromaro izay tokony hananantsika ny Baiboly rehefa tia an'i Jesôsy isika. Hanana hazo lehibe isika, ary isan'andro dia hametraka vokatry ny Fanahy iray eo amin'izany hazo izany. Koa mirary herinandro mahafinaritra ho anareo izahay ary ny Tompo anie homba anareo!




## *Sabata*

### Manana firaisana

*“Izaho no tena voaloboka, ary ny Raiko no mpamboatra. Ny sampany rehetra eo amiko izay tsy mamoa dia esoriny; fa ny sampany rehetra izay mamoa kosa dia amboariny, mba hamoa bebe kokoa. Efa madio rahateo hianareo noho ny teniko, izay nolazaiko taminareo. Tomoera amiko ary Izaho aminareo.* ***Tahaka ny sampany tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray amin'ny voaloboka izy, dia toy izany koa hianareo, raha tsy miray amiko. Izaho no voaloboka, hianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa hianareo,*** *dia tsy mahay manao na inona na inona. Raha misy tsy miray amiko, dia ariana eny ivelany tahaka ny sampany izy ka malazo; ary angonina izy ka atsipy ao anaty afo, dia ho may. Raha miray amiko hianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany.* ***Izany no ankalazana ny Raiko, mba hamoazanareo be ka ho tonga mpianatro hianareo.”*** - Jao. 15:1-17

Manana ravinkazo roa aho ireto. Ity iray ity dia maina, ary ity iray ity kosa dia mbola maitso, sy miaina. Inona no maha-samy hafa ity ravinkazo maina ity amin’ity ravinkazo anaty vazy kely ity?

Betsaka ny fahasamihafana misy amin’ireto ravinkazo roa ireto, sa tsy izany? Ity iray ity dia mivelatra tsara, fa ity iray ity kosa dia malazo. Ity iray ity dia miraikitra amin’ny tahony, ary maitso tsara ; fa ity iray ity kosa dia maty satria tsy miraikitra intsony amin’ny tahony, ets...

Raha ravinkazo ianareo, iza amin’ireo roa ireo no tianareo? Inoako fa hisafidy ilay ravinkazo maitso ianareo. Miombon-kevitra aminareo koa aho. Raha izaho no ravinkazo, dia aleoko misafidy ilay ravinkazo maitso ao anaty vazy kely. Tsy tiantsika ny ho ravinkazo maina, fa aleontsika velona, sy salama tsara, tahaka ilay ravinkazo ao anaty vazikely.

Ny tena maha-samy hafa ireo ravinkazo ireo dia noho ilay ravinkazo maina tsy miraikitra amin’ny taho na ilay hazo nahalehibe nisy azy, kanefa ilay ravinkazo maitso kosa dia niraikitra mandrakariva tamin’ny tahony. Io firaisana io no manome aina azy ka hahatonga azy ho tsara tahaka ilay iray hafa.

Nilaza i Jesôsy fa toy izany koa no zava-misy eo amintsika, raha ny fiainana ara-panahy no resahina. Milaza Izy fa hahita fahombiazana isika raha miray Aminy.

Indray andro, raha mbola teto an-tany i Jesôsy, dia nilaza tamin’ireo mpianany fa tokony hitondra vokatra izy ireo. Ary mba hahafahany manazava tsara izany

dia nandray ohatra avy amin'ny tanim-boaloboka Izy. Nilaza izy fa raha te hamoa ny sampam-boaloboka dia tsy maintsy miray amin'ny taho. Raha tsy misy izany firaisana izany, dia tsy hisy ny vokatra. Mbola izany zavatra izany hatrany no tian'i Jesôsy holazaina ankehitriny, raha te hitondra vokatra isika, ireo vokatry ny Fanahy izay voasoratra ao amin'ny Gal. 5 (fitiavana, fifaliana, fiadanana, faharetam-po, fahamoram-panahy, fahatsaram-panahy, fahamarinana, fahalemem-panahy, ary fahononan-tena). Araka izay ho hitantsika mandritra ity herinandro ity dia tsy maintsy miray Aminy isika.

Fa amin'ny fomba ahoana tokoa moa no hahafahantsika manana firaisana amin'i Jesôsy? Ahoana no hahafahantsika mampivelatra fifandrandraisana mafy Aminy?

Azonao atao ny manao  toy izay nataonao androany. Tonga eto am-piangonana ianao, mba hidera ny anaran'i Jesôsy – na azonao atao ny mianatra misimisy kokoa mahakasika Azy – na azonao atao koa ny mivavaka Aminy.

Azonao atao koa ny manana firaisana amin'i Jesôsy ary manandrana miaina tahaka izay naniriany azy. Tiany isika hifankatia. Tiany ny hifampitondrantsika amim-panajana. Tiany ny hananantsika fahatsorana. Manana hazo lehibe iray isika izay maneho antsika sy i Jesôsy. Ny taho dia maneho an'i Jesôsy ary ny sampana dia maneho antsika – maneho anareo rankizy sy izaho. Raha manana firaisana amin'ny taho isika, dia hitondra vokatra. Manomboka rahampitso dia hijery ireo karazana vokatry ny Fanahy azontsika entina isika raha tiantsika ny hanana firasiana amin'i Jesôsy. Fa ho an'ny anio, dia hosoratantsika eo amin'ny sampana rehetra ny anarantsika satria nanapa-kevitra ny hitambatra amin'i Kristy isika ary amin'ny andro manaraka dia hapetratsika eo ny vokatra.

**Fampieritreretana**

Diniho eo anivon'ny vondrona misy anao ireo zavatra azonao atao mba hahafahanao manana firaisana amin'i Jesôsy. Avy eo dia miara-mivavaka ianareo mba hanana firaisana mandrakariva Aminy.




## *Alahady*

# Ny fitiavana

*«Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia (...)* ***fitiavana****»* - Gal. 5:22

Tonga indray amin'ny andro faharoa amin'ity 10 andro fiaraha-mivavaka ity isika. Anio hariva dia hijery ny vokatra voalohany isika dia tsy inona izany fa ny FITIAVANA.

Teny efa fandrentsika matetika izany; teny tiantsika loatra ary rariny izany. Ny fitiavana dia tsy tokony hivoaka avy eo amin'ny molotsika fotsiny ihany, fa tokony ho zavatra asehontsika sy iainantsika mihitsy.

Raha izany àry dia azo oharina amin'ny inona ny fitiavana? Ahoana no hahafahantsika milaza fa tia olona iray isika – na zavatra iray – amin'ny alalan'ny fifampijerena fotsiny ve, sa ahoana?

OOOOh… Tena hainareo tokoa ny maneho fitiavana. Ary tena marina izay voalazanareo. Ny fitiavana dia afaka miseho amin'ny endrika maro: amin'ny alàlan'ny fihetsika maneho hatsaram-panahy amin'ny hafa ohatra.

Indray andro, i Soong, zazalahikely sinoa mahantra, vokatry ny hanoanana nahazo azy dia niditra an-tsokosoko tao anatina sambo amerikanina iray. Niafina tao ambany lakavy, ambadiky ny antontan'entana mifanongoa izy, nihinana ireo ambin-tsakafo hitany tetsy sy teroa (izay tsy maintsy hiadiany amin'ny voalavo).

Indray andro dia tratran'ny tantsambo iray izy ary nentin'ity farany nankany amin'ny kapitenin-tsambo. Efa tena niandry fanasaziana mafy tokoa ilay zazalahikely. Tamin'izany fotoana izany mantsy dia nariana tany an-dranomasina ireo mpandeha an-tsokosoko. Nangovitra mafy izy nanoloana ilay kapitenin-tsambo ary niteny anankam-po fa izao no andro farany hiainany. Kanefa, lehilahy tso-po ilay kapitenin-tsambo. Nomeny asa tao amin'ny sambo ilay zazalahikely ary rehefa tonga teny an-tseranana dia nankininy tamina tokantrano kristianina. Nikarakara azy fatratra izany fianakaviana izany; nomena fahafahana hianatra ilay zazalahikely, ary afaka nahavita hatramin'ny fianarana ambaratonga ambony i Soong kely.

Tatỳ aoriana dia lasa kristianina i Soong. Naniry mafy ny hiverina any an-tanindrazany izy mba hizara izay voarainy tamin'ireo fianakaviany. Hafaliana nanao ahoana re ny an'ireo fianakaviany? Izao rehetra izao no tonga tamin'ny fiainan'i Soong dia vokatry ny fitiavana sy ny fijoroana ho vavolombelonana nataon'ireo fianakaviana kristianina nandray an'ity tovolahy mpitsoam-ponenana ity.

I Jesôsy dia nanome didy vaovao, mamintina ireo 10 hafa: *«Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra»* sy ny hoe *«Mifankatiava hianareo tahaka izay nitiavako anareo»* no lehibe indrindra. Moa va tsy mahaliana loatra izany? Raha mangataka aminareo aho hoe ataovy lisitra ny anaran'ireo olona tianareo. Azoko antoka fa ireo izay akaiky indrindra anareo toy ny fianakavianareo na ireo namana akaiky anareo manokana no ao an-tsainareo voalohany. Fa i Jesôsy kosa dia mampahatsiahy antsika zavatra tena manan-danja tokoa anio «Misafidy olon-kafa manokana hanehoantsika fitiavana.» Hoy Izy amintsika hoe: *«Mifankatiava hianareo tahaka izay nitiavako anareo»* - tiany ny hitiavantsika ny olona rehetra tsy ankavanavaka, tahaka izay nataon'ilay kapitenin-tsambo, ary ny hifampikarakantsika tsara. Mandidy antsika i Jesôsy mba hitiavantsika azy ireny, tahaka izay nitiavany antsika, tsy manantena valiny amin'izy ireny. Ny fitiavana no vokatry ny Fanahy, ary tsy azontsika atao ny manana izany raha tsy manana firaisana amin'i Kristy isika. Hiaraka amintsika ny Fanahy Masin'Andriamanitra ary ho tia tahaka ny nitiavan'i Jesôsy antsika isika. Ankehitriny dia apetratsika eo amin'ilay hazo ny vokatra, dia ny FITIAVANA, izany.

**Fampieritreretana**

Tiako raha hiasa eo anivon'ny vondrona ianareo, ka hisaintsaina lalina ny amin'ny fomba entinareo maneho ny fitiavanareo amin'ny hafa – ireo namanareo, ny fianakavianareo, ireo olom-pantatrareo, eny, fa na dia ireo olona tsy fantatrareo na ireo olona tsy tia anareo aza. Mandidy anareo i Jesôsy mba ho tia azy ireny. Hanokana fotoana hivavahana ho antsika sy ho an'ny asa maneho hatsaram-panahy azontsika atao isika. Manomboka anio àry isan-kariva dia raketo an-tsoratra ireo asam-pitiavana notanterahanao nandritra ny tontolo andro, ary dia ho hitanao fa ho gaga ianao.




# *Alatsinainy*

## Ny fifaliana

*'Fa ny vokatry ny fanahy dia (...)* ***fifaliana*** *»* Gal. 5:22.

*« Fa na dia tsy mamontsina aza ny aviavy, Ary tsy misy voany ny voaloboka, Na dia mahadiso fanantenana aza ny oliva, Ary tsy mahavokatra hohanina ny saha, na dia vonoina aza ny ondry ao amin'ny vala, Ary tsy misy omby ao am-pahitra, nefa izaho dia mbola hifaly amin'i Jehovah ihany sy hiravoravo amin'Andriamanitry ny famonjena ahy. Jehovah Tompo no tanjako, Ary manao ny tongotro ho toy ny an'ny dieravavy Izy Ka mampandeha ahy any amin'ny havoanako. Ho an'ny mpiventy hira. Hampiarahina amin'ny valiha. »* - Hab. 3:17-19

Anio isika dia hijery vokatry ny Fanahy iray indray, dia tsy inona izany fa ny fifaliana. Ity vokatra antsoina hoe « fifaliana » ity dia omena ireo izay manana firaisana amin'i Jesôsy. Rehefa ao anatitsika ny Fanahin'Andriamanitra, na dia ao anatin'ny alahelo, sy ny fijaliana aza dia mbola afaka manao ny fanandraman'ny fifaliana hatrany isika.

Inona avy ireo zavatra mitondra hafaliana ho anao? Tia mifaly ny olona ary manao ny fomba rehetra hananana izany fahasambarana izany. Mandeha mijery sarimihetsika izy, mandeha maka rivotra, mifampizara hatsikana, mihinana izay sakafo tiany, milalao sy manao zavatra hafa mahaliana. Kanefa, hadinony fa ny fahasambarana dia tsy avy amin'ny etỳ ivelany fotsiny ihany.

Raha milaza aminao aho anio fa hanome 100 Dôlara anao, dia mety hihevitra ianao fa ianao no tena sambatra indrindra. Kanefa andeha indray holazaina hoe tsy omeko 100 Dôlara ianao fa very 100 Dôlara. Moa tsy halahelo va ianao? Raha izany no izy dia ny zavatra ivelany ihany no mametra ny fahasambarantsika, ka rehefa tsy mifanaraka amin'izay eritreretintsika ny zavatra manodidina antsika dia tsy ho sambatra mihitsy isika. Kanefa ny Tenin'Andriamanitra dia mampahery antsika hifaly isan'andro ao amin'ny Tompo.

Indray mandeha dia nisy tanàna kely iray nantsoina hoe Tanàna Malahelo, satria ny mponina rehetra tao amin'izany tanàna izany dia kivy sy rera-tsaina avokoa. Toa tsy misy antony anefa mahatonga azy ireo ho toy izany satria hita fa salama saina daholo ihany izy rehetra, toa mba ara-dalàna ihany ny fomba fiainany,… kanefa dia malahelo lava izy ireo.

Indray andro dia nisy zazalahy kely vao teraka teo amin'ny tanàna. Zazakely maha-te ho tia tokoa izany zaza izany, tiany avokoa ny olon-drehetra ary nihevitra hatrany ny hafa izy. Tsara fanahy mandrakariva izy ary mitsikitsiky lava amin'ny olon-drehetra. Vokatr'izany dia afaka nampahery ireo olona manodidina azy ilay zazalahy kely. Mifampiresaka amin'ny olon-drehetra izy, na lehibe na kely, ary mamalifaly amin'ny resaka mampihomehy ataony. Nanomboka hatreo dia naniry ny hiaraka taminy avokoa ny olona rehetra, hita nisoritra teny amin'ny tavan'ny rehetra ny fahasambarana sy ny tsiky ary ny haravoana. Nitety ny tanàna manontolo ity zazalahy kely, ka nitondra tsiky teny amin'ny tavan'ny olona sy fifaliana tao am-pon'izy ireo. Ny niafarany dia niova tanteraka ilay tanàna. Raha tanàna malahelo izy teo aloha dia lasa «tanàna sambatra» ankehitriny.

Isika koa dia afaka mitondra fanovana eo amin'ny tontolo manodidina antsika rehefa manana izany hafaliana atolotr'Andriamanitra isan'andro izany. Mikarakara antsika Andriamanitra, ary na dia amin'ny fotoan-tsarotra aza dia azontsika atao ny ho faly. Aoka isika hitady ny fifaliana anaty ary hanana firaisana amin'i Jesôsy mba hahafahantsika mitondra ity vokatry ny Fanahy ity, dia tsy inona fa ny « fifaliana ». Aoka tsy hohadinointsika ity andininy mahafinaritra loatra ity: *« Nefa izaho dia mbola hifaly amin'i Jehovah ihany sy hiravoravo amin'Andriamanitry ny famonjena ahy. Jehovah Tompo no tanjako, Ary manao ny tongotro ho toy ny an'ny dieravavy Izy Ka mampandeha ahy any amin'ny havoanako. »* - Hab. 3:18-19. Andao apetratsika eo amin'ny hazo ny vokatra fifaliana

Aorian'ny fanontaniana fampieritreretana, dia hanokana fotoana hiaraha-mivavaka isika, hangataka amin'Andriamanitra hanome antsika fifaliana ary mba hahatonga ny vokatry ny Fanahy ho fiainantsika mihitsy.

**Fampieritreretana**

Tsaroanao va ny fotoana nampalahelo olona iray na nitondranao fifaliana ho azy. Moa va misy afaka hizara ny tantarany?

Inona no azonao atao hampahafaly anao mandrakariva na dia amin'ny fotoan-tsarotra aza?




## *Talata*

## Fiadanana

*«Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia (...)* ***fiadanana****»* - Gal. 5:22.

*"Izany teny izany dia efa voalazako taminareo raha mbola mitoetra eto aminareo Aho; fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako, Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo. Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo. Efa renareo fa Izaho nilaza taminareo hoe: Handeha Aho, nefa ho avy aminareo indray. Raha tia Ahy hianareo, dia ho faly, satria mankany amin'ny Ray Aho; fa ny Ray dia lehibe noho Izaho. Ary ankehitriny efa nilaza taminareo Aho, dieny tsy mbola tonga izany, mba hinoanareo, rehefa tonga. Tsy hilaza zavatra maro aminareo intsony Aho; fa avy ny andrianan'izao tontolo izao, nefa tsy manana na inona na inona ato amiko izy. Fa mba ho fantatr'izao tontolo izao fa tiako ny Ray, ary araka izay nandidian'ny Ray Ahy, dia izany no hataoko. Mitsangàna, andeha isika hiala eto. »* - Jao. 14:25-31

Mety manana antsavily (balançoire) ianareo any an-tsekoly na any an-tranonareo. Amin'ny hazo no anantonana azy ireny, sa tsy izany?

Fahafinaretana manao ahoana loatra re no tsapa rehefa misavoana amin'ireny antsavily ireny, afaka mijery eny anelanelan'ny ravinkazo maitso ary mitazana ny lanitra. Indraindray dia azonao akarina ambony ny tongotrao ary mijery ny eny ambony lavitra eny avy etỳ ambany etỳ. Ny tena mahafinaritra indrindra rehefa eny ambonin'ny antsavily dia ny fahatsapantsika fiadanana sy fitoniana rehefa voarotsirotsy ianao.

Ny ankamaroantsika dia tia manana izany fahatsapana izany avokoa. Inoako fa fony mbola zaza ianareo dia efa nisy mpandrotsirotsy koa, indrindra mba hahafahana mampatory anao rehefa somary manahirankirana iny ianao. Ny fihetsika mandrotsirotsy dia mampitony antsika mandrakariva.

Mialohan'ny niakarany any an-danitra, dia nanao izao filàzana izao tamin'ny mpianany i Jesôsy: *« Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo. »* - Jao. 14:27

Mety ho efa nisy fotoana va nahatezitra anao tamin'ireo namanao na rahalahinao sy anabavinao? Zavatra mety hisy izany, ary matetika ianao no mihazakazaka

miantoraka eny an-tsandrin'ny ray aman-dreninao. Te hahazo safosafo ianao mba hampitony anao. Mbola manome fomba hafa ihany koa i Jesôsy mba hahafahana mampitony antsika: mivavaka sy mamaky ny Teniny. Andriamanitry ny Fiadanana Izy. Ny fiadanany sy ny fitiavany no omeny. Raintsika koa Izy. Izao no nolazainy: *« Aza malahelo na matahotra ny fonareo. »* - Jao. 14:27. Aza manahy, ny fitiavany dia afaka mampitony anao ary afaka manome fiadanana anao manoloana ny olana atrehinao.

Indray andro i Jesôsy sy ny mpianany dia tao anaty sambokely iray, raha indro nisy tafio-drivotra tampoka. Nisamboaravoara mafy ny ranomasina ary ity karazana tafio-drivotra ity dia mety hitarika faharendrehana sy fahafatesana anaty rano mihitsy. Nampihorohoro mafy ireo mpianatra ny tafio-drivotra ary nanafotra azy ireo mihitsy. Fa i Jesôsy kosa resin-tory. Ary nanatona azy ny mpianatra ka namoha azy nanao ho*e « Mpampianatra ô! Mpampianatra ô! Vonjeo fa maty izahay! »* Dia namaly azy ireo i Jesôsy nanao hoe: *« Nahoana no sarotahotra hianareo ry kely finoana? »* Dia noteneniny mafy ny rivotra sy ny ranomasina, dia tonga tony tsara ny andro. Nitsahatra ny tafio-drivotra ary nitony ny ranomasina. Tao anatin'ny fahagagana tanteraka no nitenenan'ny mpianatra hoe: *« Lehilahy manao ahoana re Io, fa ny rivotra sy ny ranomasina aza dia manaiky Azy! »*

Rehefa mandalo fotoan-tsarotra ny fiainanao, toy ny hoe matahotra ianao na marary ny ray aman-dreninao, dia tena sahiran-tsaina tokoa ianao. Azonao atao ny miantso an'i Jesôsy dia ho avy hitondra fahatoniana ho anao sy fiadanana ho anao Izy. Rehefa manana firaisana amin'i Jesôsy ihany isika vao afaka mahazo izany fiadanana izany. Ankehitriny dia apetratsika eo amin'ny hazontsika ny vokatra *Fiadanana* ary aorian'ny fampieritreretana dia hiarahivavaka isika.

**Fampieritreretana**

Raha avela irery indray alina ao an-trano ianao, maty tampoka ny jiro, ka ao anatin'ny haizina tanteraka ianao – dia manomboka mitomany ianao. Inona no azonao hatao mba hananananao fiadanana sy hahafahanao matory?

Mety ho efa nisy fotoana nandalovanao tahotra tamin'ny fiainanao ka nampitomany anao va. Moa va misy aminareo te hitantara ny fanandramany? Ary anio raha miseho aminao izany toe-javatra izany, amin'ny fomba ahoana no hahafahanao miatrika ny tahotra?




## *Alarobia*

### Fahari-po

*«Fa ny vokatry ny Fanahy dia (...)* ***fahari-po****»*. - Gal. 5:22

Ny vokatra fahefatry ny Fanahy dia ny fahari-po. Moa ve efa nisy fotoana nangatahana taminareo mba hanana faharetana? Inoako fa eny ny valinteninareo. Matetika, indrindra rehefa vanim-potoanan'ny krisimasy dia toa tsy andrintsika mihitsy ny hahafantatra izay novidin'ny ray aman-drenintsika ho antsika. Indraindray koa, rehefa fantatsika fa manamboatra mofomamy na sakafo manokana ho antsika i Neny dia tsy andrintsika izay fotoana hahafahana manandrana izany. Tsy mora foana tsy akory ny miandry.

Ny vano dia vorona avo dia mirefy hatramin'ny 1 metatra ny tsanganany, manana fivelarana eo amin'ny 1 metatra eo koa izy ary lava be ny tendany. Izay tena mahagaga indrindra amin'ity karazam-borona ity dia noho izy manana faharetana. Mahavita mijoro tsy mihetsika eny amin'ny dobo na farihy izy mandritra ny ora maro. Mety handrivotra, hanorana ny andro, na hilatsaka mihitsy aza ny oram-panala, kanefa mbola manohy miandry ny hazany izay antoky ny sakafony ihany ny vano na dia somary sahirana azy izy. Raha efa nanjono ianao, dia fantatrao tsara fa tsy avy hatrany dia hahazo trondro ianao vao vantany manipy ny haran-jononao ao anaty rano – ny fanjonoana dia asa mitaky faharetana. Indraindray mety haharitra ora maro mihitsy ny fiandrasana, kanefa tsy mahazo na inona na inona. Mety hafana be ny andro, mety hisy lalitra hanelingelina, na mety hanorana mihitsy aza, ka matetika isika no miraviravy tanana ka misafidy ny fodiana.

Mampianatra antsika ny fomba hahafahana mampivelatra ny faharetana ny Baiboly. Misy fotoana tsy maintsy andalovantsika amina toe-javatra sarotra sy manahirana. Ho anao izay mandeha any an-tsekoly, mety ho sarotra be ny entimody ampanaovina anao; mety hisy olona manao teny mandratra anao, na mety ho marary na tsy dia mahazo aina loatra ianao. Rehefa mandalo ireny fotoan-tsarotra ireny isika, ka mahatsiaro tena ho sorena na malahelo, dia miantso anao Andriamanitra mba hiankina tanteraka Aminy. Rehefa miankina Aminy ianao dia hianatra hanantena Azy ary hitondra ny vokatry ny Fanahy. Nampanantena antsika Andriamanitra fa hiahy antsika. Ny fanantenana dia tsy zavatra hita maso, fa ny fanantenana dia manampy antsika hianatra hiandry ary hanana faharetana misimisy kokoa. Hoy ny Baiboly: *"Fa raha isika manantena izay tsy mbola hitantsika, dia miandry amin'ny faharetana.»* - Rôm. 8:25.

Misy tantara toy izao manao hoe: indray andro dia nisy lehilahy iray, hany sisa velona tamin'ny faharendrehan'ny sambo, natopan'ny ranomasina teny amina tany foana. Izy irery tokoa no hany olombelona teo amin'izany nosy kely izany, ary ny ranomasina no manodidina azy. Nanomboka nivavaka tamin'Andriamanitra izy, nangataka fanampiana, nijerijery ny manodidina nitady famonjena, kanefa tsy nisy vokany. Afaka andro vitsivitsy nitoerana teo amin'ilay nosy kely dia reraka izy ary nanomboka very fanahy. Tampotampoka teo, dia nisy hevitra tonga tao an-tsainy, hanamboatra trano bongo kely vita amina tapatapa-kazo izay hitany teo amin'ilay nosy kely izy. Nanohy nivavaka tamin'Andriamanitra ihany izy isan'andro, ary niezaka nitady izay mety ho hitany teo amin'ny nosy hahafahany mivelona. Fa indray andro, rehefa niverina avy nihaza izy dia taitra raha nahita fa may kilan'ny afo ny trano bongony. Nisy setroka matevina dia matevina nanakatra ny lanitra. Kivy tanteraka izy ary nilaza fa tsy hisy intsony fanavotana azony antenaina. Nanontany an'Andriamanitra izy nanao hoe: "Tompo ô! Nahoana no tsy narovanao ny trano bongoko? »

Ny ampitso maraina, dia taitra noho ny firohondrohon'ny môteran'ny sambo iray tamy nanatona ny morontsiraka nisy azy izy. Tonga mba hamonjy azy ilay sambo. Nanontany tena izy ny amin'ny fomba nahafantaran'ireo tao anatin'ny sambo fa teto amin'ity nosy ity izy. Dia hoy ny navalin'izy ireo: « Tazanay teny lavitra ny famantarana nalefanao tamin'ny alalan'ny setroka. » Mora foana ny ho latsaka anaty fahakiviana rehefa tojo fahasarotana amin'ny fiainana. Kanefa tsy tokony ho kivy isika, satria eo Andriamanitra. Afaka manana fanantenana amin'ny zavatra rehetra isika satria zanak'Andriamanitra. Noho izany, mivavaha ary manàna faharetana. Mivavaha ary manàna faharetana. Mivavaha ary manàna faharetana; minoa fa tia anao Andriamanitra ary hamonjy anao Izy. Andeha hapetratsika eo amin'ny hazontsika ny vokatra «Faharetana» ary aorian'ny fampieritreretana dia hanokana fotoana hivavahana isika.

**Fampieritreretana**

Isan'andro isika dia mandalo toe-javatra mitsapa ny faharetantsika. Mety ho zavatra kely toy ny hoe misy olona mihazona ny fotoananao ao anatin'ny fahaterenao na zava-dehibe toy ny fiandrasana ny fanasitranan'Andriamanitra ny fianakavianao na ny fanasitrananana anao. Inona avy ireo zavatra azonao atao hahafahanao mifehy ny hatezeranao amin'ny toe-javatra rehetra mba hanehoanao faharetana.




## *Alakamisy*

### Ny fanaovan-tsoa

*« Fa ny vokatry ny Fanahy dia (...)* ***fanaovan-tsoa****. »* - Gal. 5:22.

Ny fanaovan-tsoa no vokatra fahadimin'ny Fanahy izay azon'ny Kristianina rehetra atao zava-misy eo amin'ny fiainany rehefa miankina amin'i Kristy izy.

*« Ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy hianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy. »* - Efes. 4:32

Ny fanolorana voninkazo na fanomezana dia fomba tsara entina maneho amin'olona iray fa tia azy ianao. Kanefa ve fantatrao fa mbola misy fomba tsara lavitra noho izany? Mahaliana kokoa ny maneho ny fitiavantsika ny hafa amin'ny alalan'ireo zavatra tsara izay ataontsika amin'izy ireny isan'andro. Raha misy olona marary, dia mahery lavitra noho ny fatran'ny fanafody fihinany ny famangiana azy. Raha malahelo ny olona iray na avy nandalo tontolo andro sarotra, dia mety hamalifaly ny tontolo androny ny tsiky na ny « fiarahabana ». Moa va efa nahita mpianatra tahaka anao ianao, manirery ao am-pianarana ary toa tsy dia be namana loatra? Rehefa manatona azy ianao, dia mety ho tsapany fa manana namana mihevitra ny momba azy izy eto amin'ity tany ity. Ny fihetsika tsotra maneho fahamoram-panahy dia milaza betsaka ho an'olona iray ary mihoatra ny fanomezana mihitsy aza.

I Jesôsy dia mora fanahy mandrakariva ary tia manao soa amin'ireo olona mihaona Aminy. Indray andro dia nampianatra Izy. Niara-nipetraka taminy teo ny fariseo sy ireo mpanora-dalana avy tamin'ny tanàna manerana an'i Galilia sy Jodia ary i Jerosalema. Nanasitrana olona maro i Jesôsy. Tamin'izay fotoana izay dia nisy lehilahy malemy, tsy afa-nandeha, ka tsy maintsy nentina tamin'ny tsihy. Naheno izy fa teo i Jesôsy ary nampianatra sy nanao fahagagana maro ary nanasitrana ny marary. Naniry ny hifankahita Taminy ralehilahy, kanefa tsy mba afaka nandeha. Tsy maintsy mila fanampiana izy. Soa fa nisy namana tsara fanahy taminy. Ny efatra tamin'izy ireo dia nanapa-kevitra ny hanampy azy. Nifampidinika ny amin'izay fomba hahafahan'izy ireo mitondra azy eo amin'i Jesôsy ireto namany. Tamin'ity andro ity, tahaka ny mahazatra dia nisy vahoaka betsaka nifanesika nanodidina an'i Jesôsy. Tena sarotra tokoa ny ahafahana misisika ao anatin'izany vahoaka izany. Farany dia nahita hevitra ireto namany tamin'ny alàlan'ny fampidinana ilay lehilahy avy eo amin'ny tafo, mifanandrify amin'ny toerana misy an'i Jesôsy. Nanamboatra fandriana ho azy izy ireo, nampifanohizina tamin'ny tady, mba hahafahana mampidina ilay fandriana.

Nasian'izy ireo lavaka lehibe avy eo amin'ny tafo. Somary elaela ihany izany vao vita, kanefa dia tamim-pitandremana fatratra no nanaovan'izy ireo izany. Tsy nisy feo re na dia kely aza, ka mety hanelingelina ny vahoaka. Taitra ireto vahoaka raha nahita an-dralehilahy nampidinina moramora teo ampovoan'ny trano. Rehefa nahita ny finoan'izany lehilahy izany sy ny hatsaram-panahin'ireo namany i Jesôsy dia nanasitrana azy.

Maneho hamoram-panahy sy hatsaram-panahy marina isika rehefa manampy ny hafa. Miandry antsika mba hizara ny fitiavany amin'ireo olona fantatsika, eny, fa na dia ireo tsy fantatsika aza i Jesôsy. Rehefa tsara fanahy sy mazoto mikarakara ny hafa isika dia faly Andriamanitra, satria mahita antsika manao zavatra manome voninahitra Azy Izy. Tahaka ireo namana efatr'ity lehilahy malemy dia afaka manao soa amin'ny hafa koa isika.

Ny Baiboly dia milaza amintsika ao amin'ny Gal. 5 fa ny fahatsaram-panahy dia vokatry Fanahy. Raha mitoetra ao anatitsika ny Fanahy Masina, dia afaka ny ho tonga olona feno hatsaram-panahy isika. Rehefa manana firaisana amin'Andriamanitra isika, dia lasa toetsika ny hatsaram-panahy. Ankehitriny dia apetratsika eo amin'ny hazo ny vokatra fahamoram-panahy, ary aorian'ny fampieritreretana dia hanokana fotoana hiaraha-mivavaka isika.

**Fampieritreretana**

Diniho ao anatina vondrona ireo zavatra dimy azonao hatao entina maneho hamoram-panahy amin'ny hafa mandritra ity herinandro ity.




## *Zoma*

## Ny Fahamoram-panahy

*« Fa ny vokatry ny Fanahy dia (…)* ***fahamoram-panahy****. »* - Gal. 5:22

*« Izay manome, dia aoka ho amin'ny fahatsoram-po; izay manapaka, dia aoka ho amin'ny fahazotoana; izay mamindrafo, dia aoka ho amin'ny fifaliana. Aoka ny fitiavana ho amin'ny tsi-fihatsaram-belatsihy; mankahalà ny ratsy; mifikira amin'ny tsara. Mifankatiava araka ny fifankatiavan'ny mpirahalahy; mitariha làlana amin'ny fifanomezam-boninahitra. Mazotoa, fa aza malaina, ary aoka hafana fo amin'ny fanompoana ny Tompo. Mifalia amin'ny fanantenana; miareta amin'ny fahoriana; mahareta amin'ny fivavahana. Miantrà ny olona masina araka izay ilainy; mazotoa mampiantrano vahiny. Misaora izay manenjika anareo; misaora, fa aza manozona. Miaraha mifaly amin'izay mifaly, ary miaraha mitomany amin'izay mitomany. Miraisa saina. Aza mihevitra izay hiavonavonana, fa aoka mba ho zatra amin'ny fietrena hianareo*. Aza manao ny tenanareo ho hendry. Aza mamaly ratsy na amin'iza na amin'iza. Miomàna hanao izay mahamendrika eo imason'ny olona rehetra. Raha azo atao, dia ataovy izay hihavananareo amin'ny olona rehetra. Ry malala, aza mamaly ratsy, fa omeo làlana ny fahatezerana; fa voasoratra hoe: Ahy ny famaliana; Izaho no hamaly, hoy Jehovah. Fa raha noana ny fahavalonao, omeo hanina izy; raha mangetaheta izy, omeo hosotroiny; fa raha manao izany hianao, dia hanambatra vainafo ho eo an-dohany. Aza mety ho resin'ny ratsy hianao, fa reseo amin'ny soa ny ratsy.”* - Rôm. 12:8-21

Tonga eto amin’ny vokatra fahenina isika anio, dia tsy inona izany fa ny «fahamoram-panahy». Raha manontany anareo aho hoe inona no famaritana ny fahalemem-panahy, dia inoako fa hitovy amin’ny famaritana ny fanaovan-tsoa izay vao hitantsika omaly no omenareo ahy. Ny fahamoram-panahy sy ny fanaovan-tsoa dia teny mifanakaiky tokoa, ka indraindray toa sarotra ny manavaka azy. Ny olona mora fanahy dia lazaina koa hoe olona tsara fanahy; ny olona tsara fanahy dia efa manana halemem-panahy voavolavola ao amin’ny toetrany. Ireo toetra roa ireo dia vokatra avy amin’ny fitiavana. Izany toetra mora fanahy sy malemy fanahy izany, izay vokatra avy amin’ny Fanahy Masina ao anatintsika dia misy ifandraisany amin’ny fifandraisantsika amin’ny hafa. Rehefa « tsara fanahy » isika dia manana fo madio, ary mankahala ny ratsy.

Inoako fa isan’andro dia mampirisika anareo mba ho « tsara » mandrakariva ny ray aman-dreninareo. Hoy izy ireo « Aoka ho tsara mandrakariva ianareo rankizy! », satria fantatr’izy ireo fa mora foana ny mety hahatongavan’ny « faharatsiana »

avy amintsika. Raha tsy ao anatintsika ny Fanahin'i Kristy, dia ho mora amintsika ny mirona amin'ny faharatsiana. Fa ny Fanahy Masina kosa dia hametraka ao anatintsika ny fahamoram-panahy ary hanampy antsika hanana fo madio sy hanao zavatra tsara eo amin'ny tontolo misy antsika.

Niaina irery niaraka tamin'ny reniny i Johny, ary vao 8 taona monja izy raha narary mafy ny reniny. Tsy nanam-bola firy izy mianaka ary tsy mora ho azy ireo ny mitady fitsaboana. Naniry mafy ny hanampy ny reniny i Johny satria tsy maintsy mila fanafody sy mpitsabo izy. Kanefa tsy ahafahany manao izany ny vola teo am-pelatanany.

Indray andro àry, dia nahita vehivavy lehibe iray nijoro teo amin'ny sisin-dalàna i Johny. Toa matahotra ny hiampita ny arabe feno fiara mifamoivoy ny fijery azy. Koa dia niandry teo foana ilay vaviantitra mandra-palalaky ny arabe. Rehefa nahita ilay vaviantitra mpanankarena i Johny dia nisy hevi-dratsy nipoitra tao anatiny. "Ary raha hangalariko moa ny pôketran'io vaviantitra mpanankarena io? » Nihevitra izy fa fomba ahafahany manampy ny reniny izany, ka ny vola izay mety ho hitany ao anaty pôketrany dia hividianana fanafody ho azy. Efa saika hihazakazaka hanatona ilay vaviantitra mihitsy i Johny no injao tsaroany tampoka ny teny famerimberin'ny reniny aminy: « Johny, aoka hanao ny tsara mandrakariva, mankahalà ny ratsy, mifikira amin'ny tsara. Tian'Andriamanitra ny olona manana fo madio » Nampiahotra an'i Johny izany eritreritra izany. Nieritreritra kely nandritra ny iray minitra izy, avy eo dia nanatona ilay vaviantitra mba hanampy azy hiampita ny arabe. Dia nosakanany avokoa ny fiara ary notantanany ilay vaviantitra. Faly tokoa ilay vaviantitra manolotra ny asa soa nataon'i Johny ary nanontaniany izy ny amin'ny fomba ahafahany misaotra azy. Avy hatrany dia nanontany azy i Johny raha mahafantatra olona afaka manampy ny reniny marary izy. Gaga izy raha nilaza ilay vaviantitra fa dokotera ny asany ary afaka manampy ny reniny izy.

Nojeren'ilay ramatoa ny renin'i Johny ary novidiany ireo fanafody izay nilainy. Menatra mafy i Johny nieritreritra ny zavatra nokasainy natao, kanefa nisaotra an'Andriamanitra izy nohon'ny nanampiany azy hanao safidy tsara dia ny asan'ny fahamoram-panahy.

Namorona antsika mba hanao ny tsara Andriamanitra. Sarotra sady mety mitaky zavatra betsaka ny fanaovan-tsoa, kanefa mety handraisan-tsoa izany.

**Fampieritreretana**

Moa va efa nisy zavatra nampahamenatra anao satria tsy asa fanaovan-tsoa izany? Makà fotoana fohy hieritreretana ary angataho Andriamanitra hamela ny helokao sy hanome anao fo madio.

Manaova lisitra – na asa fanaovan-tsoa dimy azonao hatao amin'ny alalan'ny famakiana ireo andininy voalaza ve tsy ambony.




## *Sabata*

# Fahatokiana

*« Fa ny vokatry ny Fanahy dia (...)* ***fahatokiana»*** - Gal. 5:22

Ny Baiboly dia manambara amintsika araka ny andininy nomena hianarantsika amin'ity herinandro ity fa ny « Fahatokiana » dia anisan'ny vokatry ny Fanahy. Raha ao anatintsika ny Fanahy Masina, dia ho tonga olona mahatoky isika. Ho tonga fomba fiainantsika izany satria ny Fanahy Masina no hanome hery ho antsika.

Henoy tsara izao manaraka izao. Tsy nifampiresaka intsony tamin'i Jeanne namany i Marie. Tsy niara-nilalao taminy intsony izy. Any am-pianarana dia teny fanaratsiana an'i Jeanne fotsiny no ataon'i Marie, filazana lainga mahakasika azy – kanefa anie ka tena tia an'i Jeanne mihitsy izy teo aloha e! Raha sendra mandalo mifanandrify aminy i Jeanne dia odiany tsy fantatra. Tena tsy mahatoky tokoa i Marie satria namadika an'i Jeanne tamin'ireo namany hafa. Inona no mety ho nataonareo raha mba ianareo no naman'i Marie?

Ny Baiboly dia mitantara amintsika ny tantaran'ireto mpinamana tena nahatoky tokoa. Iangaviako ianareo hamaky izay voasoratra ao amin'ny 1 Sam. 16 hatramin'ny 2 Sam. 1 rehefa tonga any an-tranonareo.

Nifankahita tamin'i Jônatàna i Davida rehefa avy namono an'i Gôliata ity farany. Nanomboka hatreo dia lasa mpinamana be izy mirahalahy ary i Jônatàna aza dia niteny mihitsy fa tahaka ny tenany no nitiavany an'i Davida. Nomen'i Jônatàna azy ny akanjony ivelany mbamin'ny sabany sy ny fiarovan-dohany ary ny fehikibony. Ary satria nahafaty an'i Gôliata, ilay fahavalo lehibe tena nampatahotra fatratra ny zanak'i Isiraely i Davida dia nanomboka tia ity farany mihoatra noho ny Mpanjaka Saoly ny zanak'i Isiraely. Nitarika fialonana teo amin'ny Mpanjaka Saoly izany toe-javatra izany, ary imbetsaka izy no nikasa hamono an'i Davida. Rehefa fantatr'i Jônatàna ny fikasan'ny Mpanjaka hamono an'i Davida, dia niangavy an'i Davida i Jônatàna mba hiafina satria tena tia azy izy. Tsy te hahalala na inona na inona ny Mpanjaka Saoly satria natahotra mafy izy fandrao lasan'ny Davida ny toerany amin'ny maha-Mpanjaka azy. Vokatr'izany dia notadiaviny avokoa ny fomba rehetra entina hamonoana azy. Farany dia nisafidy ny handositra sy handao ny lapa i Davida. Nanoro toerana hahafahan'i Davida miafina i Jônatàna ary tapa-kevitra fa hiresaka amin'ny rainy. Rehefa nanatona ny rainy i Jônatàna mba hiaro an'i Davida dia nitarika fahatezerana lalina ho an'ny Mpanjaka izany ka nalahelo fatratra i Jônatàna. Nalahelo mafy izy ka tsy nahahinan-kanina nandritra ny andro maro. Lasa izy

nandeha nijery an'i Davida tao amin'ny toerana izay niafenany mba hilaza aminy ny fivoaran'ny toe-javatra, sy hiteny aminy fa tokony handositra izy. Nifanoroka ireto mpinamamana ary niara-nitomany fatratra. Dia hoy i Davida tamin'i Jônatàna: *«Mandehana soa aman-tsara; fa efa nianiana tamin'ny anaran'i Jehovah isika roa lahy hoe: Jehovah no vavolombelona amiko sy aminao ary amin'ny taranako sy ny taranakao mandrakizay.»* - 1 Sam. 19:42

Mbola nikendry hatrany ny ain'i Davida i Saoly, ary indrisy fa maty tany an'ady i Jônatàna. Rehefa matin'ireo Filistinina teny an-tendrombohitr'i Gilboa i Jônatàna dia nitomany mafy azy i Davida ka nihiaka mafy nanao hoe: *« Ory noho ny aminao aho, ry Jonatana rahalahiko; nahafinaritra ahy indrindra hianao; nahagaga ny fitiavanao ahy…"* - 2 Sam. 1:26. Tatỳ aoriana dia tonga mpanjaka i Davida, dia nokarakarainy ny zanakalahin'i Jônatàna izay malemy tongotra, ary dia nihinana mandrakariva teo amin'ny latabatry ny mpanjaka ity farany.

Ny fihavanana nisy teo amin'i Davida sy i Jônatàna dia maneho amintsika fa ny tena mpinamamana dia mifampatoky mandrakariva, eny, fa na dia amin'ny fotoan-tsarotra aza. Ny atao hoe namana mahatoky dia vonona ny hamoy ny zavatra rehetra ho an'ny namany. Nafoin'i Jônatàna ny hareny, ny toerany amin'ny maha-mpandimby ny mpanjaka azy eo anivon'ny firenena isiraelita. Eny, na dia mety hitera-doza ho azy aza ny fiarovany an'i Davida. Raha milaza isika fa mahatoky, dia antsoina hiaraka mandrakariva amin'ireo namantsika na amin'ny mora, na amin'ny sarotra. Ny fahatokiana amin'ny samy mpinamamana no fitohizan'ny fahatokiantsika an'Andriamanitra. Miantso antsika mba hanompo Azy amim-pahatokiana Andriamanitra. Ilainy ny haha-marina antsika eo anatrehany. Izao no voasoratra ao amin'ny 1 Sam. 12:24: *« Kanefa matahora an'i Jehovah hianareo, ka manompoa Azy marina amin'ny fonareo rehetra; fa eritrereto izao zavatra lehibe nataony ho anareo izao. »*

Tsy diso velively amin'ny fahatokiana Andriamanitra. Na inona na inona ataontsika, Andriamanitra dia hijanona ho mahatoky mandrakariva amintsika. Rehefa mahatoky amin'Andriamanitra isika, dia ho mora foana amintsika ny mahatoky amin'ny namantsika, amin'ireo ray aman-drenintsika amin'izay rehetra ataontsika – rehefa asaina manao entimody na fampiasana, na aiza na aiza misy antsika.

**Fampisaintsainana**

- Inona no avalin'Andriamanitra antsika rehefa tsy mahatoky isika? Moa va tsy mahatoky amintsika koa izy?

- Manao ahoana no tokony ho fihetsitsika manoloana ny tsy fahatokian'ny namantsika?

- Ireto misy fomba fanaon'ireo olona mahatoky sy tsy mahatoky. Manaova tabilao dia apetraho eo amin'ny ankavia ny toetran'ireo « tsy mahatoky » ary eo amin'ny ankavanana ny an'ireo izay « mahatoky ». Azonao ampiana ny lisitra.

**Tsy mihazona ny teny nomena – mamoaka tsiambaratelo – tsy mivavaka mihitsy – mamadika ny namany – fetsifetsy – Mivavaka amin'Andriamaniny isan'andro – mandainga amin'ny hafa – milaza ny marina mandrakariva – mitana ny toky nomena**




*Alahady*

## Ny fahalemem-panahy

*« Fa ny vokatry ny Fanahy dia (...)* ***fahalemem-panahy****"* - Gal. 5:23

*« fa manamasìna an'i Kristy ho Tompo ao am-ponareo; ary aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin'ny fahalemem-panahy sy ny fanajana,»* - 1 Pet. 3:15

Efa madiva hifarana ny andiana famelabelarantsika momba ny vokatry ny fanahy, ary anio dia hiresaka ny amin'ny hamoram-panahy, vokatra fahavalon'ny fanahy mialoha ny farany isika. Inona no dikan'ny hoe « fahalemem-panahy »?

Indray andro i Paoly dia tao anaty fiara karetsaka handeha hamangy ny Renibeny izay mipetraka 5 km miala ny tranony. Teny an-dalana, raha niresaka tamin'ilay mpamily izy, dia nisy fiara mainty nandona tampoka ilay fiara karetsaka. Nijanona tampoka ilay fiara karetsaka, ka nibolisatra ary santimetatra kely foana no nahafahany nisoroka loza iray. Ny mpamily ilay fiara mainty na dia tokony hiala tsiny aza dia namoaka ny lohany teo amin'ny fitaratry ny fiarany ary nanomboka nivazavaza sy nanompa ilay mpamily fiara karetsaka. Nitsiky taminy fotsiny Ity farany. Tony sy sariaka tanteraka izy. I Paul izay olona mora tohina dia nanontany an'ilay mpamily ny antony nanaovan'izao fihetsika izao ary fomba ahoana no nahafahany ho tony teo anoloan'ny fahadisoana goavana nataon'ilay mpamily ny fiara mainty. Niteny taminy i Paul fa kely foana no tsy nanimbany ny fiarany ary saika nampiditra hôpitaly azy ireo izany. Tamim-pitsikiana indray no nanazavan'ilay mpamily tamin'i Paul, fa betsaka ny olona no tahaka ny fiara be fasiana fako. Feno fako izy ireo, feno tsy fahombiazana, feno fahatezerana sy fahadisoam-panantenana. Ary rehefa feno mifatratra ny fakon'izy ireo dia mila toerana hanariana an'izany fako izany izy ireo ary indraindray dia hariany eny amin'ny olona hafa izy ireny. Eo anoloan'izany toe-javatra izany, hoy ilay mpamily, dia tsy tokony ho raisintsika ho antsika manokana izany. Tsiky iray, teny mamy, fahalemem-panahy no zavatra mety indrindra atao. Ny fisorohana ny ady dia mitondra ho amin'ny fahatoniana. Iny resaka iny dia nanova an'i Paul ary nampisaina azy fatratra ny amin'ny toetrany mora tohina.

Indraindray isika dia mihevitra fa « ny fahalemem-panahy » dia midika fahalemena. Tsia, ny fahalemem-panahy dia fanajana ny hafa, fananana fanetren-tena, malefaka eo amin'ny zavatra ataontsika, eo amin'ny fiteny ary eo

amin'ny fitondran-tena. Ny mifanohitra amin'ny fahalemem-panahy dia fahatezerana, faniriana hamaly faty, fanaovana fihetsika mahery vaika, sns ... ary izany indrindra aza no maneho ny fahalemena avy amintsika. Andriamanitra dia maniry ny mba hahatonga antsika ho malemy fanahy amin'ny hafa tahaka ny fahalemem-panahiny amintsika.

Hoy i Jesôsy: *« Mankanesa atỳ amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana (...) fa mora ny ziogako, ary maivana ny entako dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo hianareo."* Jesôsy no ohatra ho antsika raha resaka fahalemem-panahy. Antsoiny ho any aminy amin'ny fahalemem-panahiny isika, hotarihiny tahaka ny mpiandry ondry mitarika ny ondriny ary avy eo dia hitarika ny hafa, sy ny namantsika amim-pahalemem-panahy. Aoka hotsaroantsika fa miaraka amintsika foana Andriamanitra ka rehefa mifamatotra aminy isika, dia manana ny vokatry ny fanahy. Vakio tsara ity andininy ity: *« fa manamasìna an i Kristy ho Tompo ao am-ponareo; ary aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin'ny fahalemem-panahy sy ny fanajana,»* - 1 Pet. 3. Hapetatsika eo amin'ny hazontsika amin'izay ny vokatra « fahalemem-panahy » .

Rehefa vita ny atrik'asa miaraka dia manokàna fotoana hivavahana.

**Atrik'asa hiarahana**

Manana andian-tantara efatra isika. Hizara ho andiany 4 ianareo ary ny andiany tsirairay dia haka andian-tantara iray avy. Ireny dia andian-tantara izay mety hiseho eo amin'ny fiainantsika indray andro any. Ny asantsika dia ny maneho indroa miantoana ny fihetsitsika manoloana io toe-javatra io. Amin'ny voalohany, dia asehonareo ny fihetsikareo tsy misy fahalemem-panahy. Amin'ny faharoa, dia asehonareo hoe amin'ny fomba manao ahoana no hihatrehanareo io toe-javatra io amim-pahalemem-panahy miainga avy amin'ny andininy izay vao noresahintsika tao ao amin'ny 1 Pet. 3:15. Manana 5-7 minitra ianareo mba handrindrana ny andian-tantaranareo! ... Vonona ... lasa amin'izay

Andian-tantara 1: Nandany ora iray ianao nananganana lapa natao tamin'ny fasika, ary tao anatin'ny indray mipy maso, nandalo ny namanao ary nandrava tamin'ny daka ny asa tananao.

Andian-tantara 2: Efa niomana tsara ho amin'ny fanadinanao ianao, ary rehefa nirava avy nanao fanadinana dia nahatoky fatratra ny amin'ny valiny mahafa-po ianao. Nefa, nandritra ny fanomezana naoty, dia nahatsikaritra ianao fa nahazo 0 (aotra), satria nandika taminao ny namanao.

Andian-tantara 3: Eo an-tokotanim-pianarana, misy ankizy manadala anao amin'ny fiantsoana anao amin'ny anarana isan-karazany.

Andian-tantara 4: Tany am-pianarana dia very ny volanao, ary betsaka tamin'ireo namanao no mahalala hoe iza no naka azy taminao fa tsy niteny izy ireo.




***Sabata***

## Ny fahononan-tena

*« Fa ny vokatry ny Fanahy dia (...)* ***fahononan-tena*** *» - Gal. 5:23*

Tonga eo amin'ny vokatry ny fanahy farany isika anio dia ny "fahononan-tena". Mialoha ny hanombohantsika ny fianarana dia manana vatomamy maromaro aho eto am-pelatanako. Kanefa izao, raha izao ianareo dia te hahazo vatomamy dia tsy hahazo afa-tsy iray ianareo, fa raha miandry ny fiafaran'ny fotoana kosa ianareo dia hahazo roa. Firy aminareo no te hahazo vatomamy amin'izao fotoana izao ary firy no te hahazo amin'ny fiafaran'ny fotoana? Atsangano ny tanana. Fa izao dia hametraka fanontaniana aminareo aho: Inona marina moa no atao hoe « fahononan-tena »? Ny fahononan-tena dia fahaizana mifehy ny fihetseham-po, ny asa ary ny eritreritra. Noho izany, ny fahononan-tena dia mampanao antsika zavatra tsy mora tanterahana na zavatra mety tsy ho tiantsika. Ohatra: maneho fahamoram-panahy amin'olona izay vao avy nandratra ny fonao na hoe hanaraka ny baikon'i Neny hanadio ny efitranonao avy hatrany, tsy misy fiadian-kevitra. Ny hoe mananana fahononan-tena koa dia midika hoe miandry zavatra tena irintsika fatratra amim-paharetana satria mety hisy zavatra tsara ho azontsika rehefa haintsika ny mifehy ny filàna, tahaka ny vatomamy ohatra. Ny fakam-panahin'ny vatomamy dia lehibe loatra, ka mety tsy ho andry ny fiafaran'ny fianarana! ilaintsika ny mahafantatra fa ny fahononan-tena dia mety ho mafy mandrakariva.

Ao amin'ny Baiboly dia misy ohatra vitsivitsy momba ireo olona nanana fahononan-tena. Ireo olona izay nahafehy ny fakam-panahy. Teo i Daniela sy ny namany manoloana ny sakafon'ny mpanjaka; teo i Davida izay nandà ny hanisy ratsy an'i Saoly; teo ihany koa i Jesôsy izay nandresy ny fakam-panahin'i Satana, na dia teo aza ny fikasan'ity farany hanolotra Azy zavatra sarobidy maro, izay mety handrava ny iraka nampanaovina Azy. Andeha hojerentsika ao amin'ny Mat. 4:1-14 izany. Inona no fakam-panahy nahazo an'i Jesôsy eo amin'ny andininy faharoa (ny sakafo). Milaza amintsika i Matio fa nifady hanina nandritra ny 40 andro sy 40 alina i Jesôsy ary rehefa tapitra izany dia nahatsiaro hanohanana izy. Azonao sary an-tsaina ve ny nahazo an'i Jesôsy rehefa avy nifady hanina nandritra ny efapolo andro sy efapolo alina? Na dia sakafo iray fotsiny aza no tsy hanintsika ao anatin'ny iray andro, moa va tsy efa mahatsiaro tena ho noana fatratra isika? Fantatr'i Satana tsara izany, koa dia nalainy fanahy i Jesôsy mba hampiasany ny fahefany amin'ny maha-Andriamanitra Azy. Kanefa, na dia noana mafy aza i Jesôsy, dia milaza amintsika ny Baiboly fa nanana fifehezan-tena Izy ary afaka nanohitra ny fakam-panahy. Raha nisafidy ny hanao

zavatra tsotra Izy dia ho nanan-kohanina, kanefa raha izany dia ho nankatò ny baikon'i Satana izy ka tsy nanome voninahitra ny rainy. Mbola nahatohitra fakam-panahy roa hafa ihany koa i Jesôsy. Vao avy nivavaka i Jesôsy mba hahazo ny fanampian'ny Rainy satria fantany fa mahery ny fakam-panahy. Jesôsy dia mangataka amintsika koa mba hifandray Aminy mba hananantsika hery sy fifehezan-tena handresena ny fakam-panahy. Mila an'i Jesôsy isika mba ho mpiaro antsika, Izy no manda miaro antsika amin'ny loza. Hoy i Sôlômôna tao amin'ny Ohab. 25:28: *«Tanàna rava tsy misy manda, ny lehilahy izay tsy mahatsindry ny fanahiny."* Io andininy io dia milaza fa raha tsy manana fifehezan-teny isika dia ho tahaka io tanàna tsy misy manda io. Izany dia midika fa tsy misy fiarovana ho antsika amin'ny fakam-panahy. Rehafa tonga eo amintsika tahaka ny fahavalo izany, dia mandreraka antsika ary mampanota antsika. Tonga tahaka ny fahatezerana, ny tsy fankatoavana, ny fahasiahana, ny fitiavan-tena, ny hatendana, ny lainga, ny tsy fahononan-tena, ny sary mamoafady amin'ny fahitalavitra na ao anaty boky, mety mbola ho lava ny lisitra! Raha tsy manana fifehezan-tena isika dia tsy afaka ny hamaly mihitsy hoe TSIA amin'ny fakam-panahy tahaka an' i Jesôsy, fa ny hoe ENY no ho tonga ary ny fiainantsika dia hikorontana ho tahaka ny trano voaroba satria tsy mafy ny manda.

I Claire dia tia ny fanafody kohaka. Io fanafody io dia mamy tsara ary raha vao manomboka mikohaka na voan'ny sery kely fotsiny aza izy dia lasa mihazakazaka mankany amin'ny reniny mihinana kely amin'izany fanafody izany. Ary rehefa mangataka izy mba hatao mihoatra kely ny fatra dia miteny aminy ny reniny fa tokony hohanina amin'ny fatra ara-dalana io fanafody io, kanefa dia tsy resy lahatra mihitsy i Claire. Amin'ny fotoana tsy maha eo ny reniny dia mihinana ilay fanafody izy. Indray andro dia nihinana be loatra ilay fanafody izy ka nanjary fanina. Toa tsapany fa tsy dia salama izy. Dia niantso ny reniny izy satria toa hitany mihodina aminy ny trano. Tamin'izay andro izay i Claire dia nahatsapa fa na tsara aza ny zavatra iray dia tokony hohanina amin'ny fatra ara-dalana. Raha tsy izany, dia mety hampidi-doza ilay zavatra tsara. Tatỳ aoriana dia tsy te-hihinana ilay fanafody intsony izy raha tsy efa tena mila azy mihitsy ary rehefa mihinana izany dia miteny amin-dreniny hoe « Ny fatra tena izy an! Eny àry! » lesona tena tsara izany!

Ankehitriny dia hapetratsika eo amin'ny hazo ny vokatry ny fanahy ary hivavaka isika mba hanomezan'Andriamanitra antsika ny Fanahiny hahafahantsika mitondra izany vokatra izany.

**Fampieritrereretana**

Ataovy lisitra ireo zavatra azonao atao hanamafisana ny mandanao mba hahafahanao mandresy ny fakam-panahy.

Manomeza ohatra vitsivitsy momba ny fakam-panahy manodidina anao any an-tsekoly, na any an-trano.

Manokana fotoana hivavahana mba hangatahana ny fanampian'Andriamanitra.




## *Sabata*

Rankizy malala, tonga eto amin'ny fiafaran'ity fianarana mitohy mahakasika ny vokatry ny Fanahy ity isika. Inoako fa nanao fanandramana mahafinaritra ianareo nandritra iny herinandro lasa iny. Ataontsika Sabata manokana ity Sabata ity. Hofintinintsika aloha ireo vokatry ny fanahy hitantsika rehetra, avy eo dia hifampizara amin'ireo namantsika izay zavatra niseho tamin'ny fiainantsika isika tamin'ny fampiharana ireo lesona nianarana mahakasika ny vokatry ny Fanahy nandritra ny herinandro.

Amin'ny fizaràna voalohany dia hizara ny fanandramantsika mahakasika ny firaisantsika tamin'Andriamanitra isika (miray amin'ny sampana). Moa ve nisy fahasamihafana teo amin'ny fiainanao rehefa nanana firaisana etiety kokoa tamin'Andriamanitra ianao tamin'ny alalan'ny famakiana ny Tenin'Andriamanitra sy ny fivavahana nandritra ny herinandro. Zarao ny fanandramanao.

Amin'ny fizarana faharoa dia hitantara ny momba ny fanandramantsika amin'ny hafa isika (ny fampiharana ireo vokatry ny Fanahy 9). Mety ho fanandramana tsara izany, kanefa mety ho ratsy koa. (Tsaroanareo ve ny tantaran'i Johny?) Aoka tsy hohadinointsika fa tsy sitrak'i Satana ny hitondrantsika ny vokatry ny Fanahy. Tiany ho azy tanteraka isika, ary tarihiny isika handeha amin'ny lalana mifanipaka amin'ny Fanahy. Ataony izay hahasondriana antsika amin-javatra maro samy hafa, mba tsy hanam-potoana hifandraisana amin'Andriamanitra, satria fantany fa raha tsy manana izany firaisana izany isika dia tsy afaka hitondra vokatra. Ohatra: Tsy tsara fanahy tamin'ireo namanao, na ray aman-dreninao ianao mandritra ny herinandro, ary tsapanao izany tatỳ aoriana ka nanenina ny amin'izany ianao, dia azonao atao ny mitantara izany fanandramana tsy dia tsara loatra izany. Fa ny tsara indrindra amin'ny tantaranao dia ny fahatsiarovantenanao. Nangataka famelàna tamin'Andriamanitra ianao, ary tapa-kevitra ny tsy hamerina izany intsony. Aza misalasala mizara ny tantaranao na tsara na ratsy izany.

Izao dia hiaraka handohalika tsiefatrefatra isika. Ny ankizy iray hisaotra an'Andriamanitra noho ireo fanandramana tsara; ny ankizy faharoa hangatapamelana ho an'ny rehetra nohon'ny fahotana izay natao; ny ankizy fahatelo hangataka amin'Andriamanitra mba hanampiany ny ankizy hanana firaisana amin'Andriamanitra isan'andro ary ny ankizy fahefatra hisaotra an'Andriamanitra noho ny fihainoany sy ny fitiavany ary ny fanampiany teo amin'ny fiainan'ny ankizy.

IA - BP 1134 Antananarivo 101
tél. 22 403 65 - E-mail <impriad@yahoo.fr>
Voatolotra ara-dalàna: lah. 881- A / 11.14